



**ANTENIMIERAMPIRENENA**

-----  
**FITONDRAN-DRAHARAHAN'NY FANAOVAN-DALÀNA**

-----  
**SAMPAN-DRAHARAHAN'NY LALÀNA SY NY FIVORIANA**

**FE-POTOAM-PANAOVAN-DALÀNA FAHAROA AO AMIN'NY REPOBLIKA FAHAEFATRA**

**TAONA 2020**

FAMINTINANA IREO RIJAN-TENY LANY

FIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA  
(NY 20-10-20 KA HATRAMIN'NY 18-12-20)

**18 DESAMBRA 2020**

## Volavolan-dalàna lany (09)

N°	Lohateny	Famintinana
01	<p>Lalàna laharana faha-2020-014 momba ny <b>Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana amin'ny taona 2021</b></p> <p>Fandaniana azy tao amin'ny fivoriambe Antenimierampirenena: 27/11/20 Antenimierandoholona : 16/12/20</p>	<p>Nisy fiakony tamin'ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bola eo am-boalohany amin'ny taona 2021 (LFI2021) ny valan'aretina covid-19 sy ny hamehana ara-pahasalamana. Araka izany dia niteraka fitontonganan'ny toe-karena saika ho tamin'ireo seha-pamokarana rehetra mihitsy ireo fameperana isan-karazany.</p> <p>Na teo aza ny fitomboana miiba -3,8% tamin'ny taona 2020 dia heverina fa hahatratra <b>4,5%</b> ny fitomboana amin'ny taona 2021. Ho +6,8% kosa ny sondro-bidin'ny fiainana.</p> <p>Ao amin'ny LFI 2021, ho <b>3,6%</b> ny fitombon'ny seha-pamokarana voalohany raha toa ka 3,5% no novinavinaina tamin'ny taona 2020. Kely ny fahavoazana nihatra tamin'ity seha-pamokarana ity. Ny seha-pamokarana faharoa kosa dia hitombo <b>10,6%</b> ary ny seha-pamokarana fahatelo <b>4,1%</b>.</p> <p>Raha ny amin'ny fampidiram-bola indray, miandrindra ny hahazo <b>7.960,3 lavitrisa Ar</b> amin'ny fampidiram-bola rehetra ny Fanjakana izay avy amin'ny a) vola miditra afa-karatsaka avy amin'ny hetra <u>6.358 lavitrisa Ariary</u> izany hoe <u>3.548,9 lavitrisa Ariary</u> avy amin'ny hetra ary <u>2.809,1 lavitrisa Ariary</u> avy amin'ny vola miditra avy amin'ny faditseranana ka mahasahana tsindrin-ketra 10,9%-n'ny Harifaobe (PIB) ; b) vola miditra tsy avy amin'ny hetra <u>164,9 lavitrisa Ar</u> ary d) fanomezana <u>1.437,4 lavitrisa Ar</u>. (cadrage macro-budgétaire 2021-2023, page 7-Tome 3)</p> <p>Mitontaly <b>11.161,4 lavitrisa ny fandaniana Ar ka ny 3182 lavitrisa Ar</b> dia fandaniana ho an'ny mpiasa, ny <u>1780,6 lavitrisa Ar</u> dia fandaniana ivelan'ny karama, ny <u>482,5 lavitrisa Ar</u> dia zanabola, ny <u>220,8 lavitrisa Ar</u> dia AONT, ary fampiasam-bola hamokarana ny <u>5.495,5 lavitrisa Ar</u> (ny <u>2.035,8 lavitrisa Ar</u> amin'izany dia famatsiam-bola eto an-toerana fa ny <u>3.459,7 lavitrisa Ar</u> kosa famatsiam-bola avy any ivelany). (cadrage macro-budgétaire 2021-2023, page 7-Tome 3)</p>

		<p>Momba ny vinan'ny isan'ny mpiasa sahanin'ny Tetibolam-panjakana dia ho <b>220.434</b> izany ao amin'ny LFI 2021 fa 221.013 izany tao amin'ny LF2020, izany hoe nisy fihenany 579.</p> <p>Heverina fa ho <b>5,5%-n'ny Harifaobe</b> ny fatiantoky ny tetibola raha toa ka 6,3% izany tao amin'ny LFR2020, izany hoe mielanelana 0,8%. Findramam-bola anatin'ny sy ivelany no hanentsemana izany fatiantoka izany..</p> <p>Voalanja ho efatra arivo sy enina alina sy fito hetsy sy dimy amby folo sy telonjato tapitrisa sy enina amin'ny folo sy eninjato sy enina arivo sy iray alina lavitrisa(<b>16.616.315.764.000</b>) <b>Ariary</b> ny vola kirakiraina ao amin'ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana amin'ny taona 2021 eo am-boalohany na ny miditra na ny mivoaka.</p>
<p><b>02</b></p>	<p><b>Lalàna laharana faha-2020-014</b> anomezan-dalana ny fankatoavana ny Fifanekena Fampisamboram-bola mifandraika amin'ny <b>famatsiana ampahany ny Tetikasa fananganana Tetezana iray eo amin'ny reniranon'i Mangoky amoron'ny RN9</b>, ifandrimbonanan'ny mpamatsy vola arabo sy ny Fanjakana malagasy nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahiry Seodiana ho an'ny Fampandrosoana (FSD)</p> <p><i>Fandaniana azy tao amin'ny fivoriambe</i>  <i>Antenimierampirenena : 04/11/20</i>  <i>Antenimierandoholona : 17/12/20</i></p>	<p>Nisitrika ny fampindramam-bola <b>75.000.000 riyal</b>na 20 000 000 dôlara amerikana izay mitovy amin'ny amin'ny <b>efatra hetsy sy telo amby telopolo sy roanjato tapitrisa sy dimy amby fitopolo lavitrisa (75. 233.400.000) Ariary</b> avy amin'ny Tahiry Seodiana ho an'ny Fampandrosoana ny Fitondrana malagasy mba ho fitondran'ny anjarabirikiny amin'ny famatsiam-bola ny fanorenana Tetezana iray eo amin'ny Reniranon'i Mangoky, manamorona ny RN9 izay andraisan'ny mpamatsy vola arabo hafa (BADEA,FKDEA,OFID) anjara. Ity famatsiam-ola ity dia mahasahana ny <b>31,11%-n'ny</b> famatsiam-bola rehetra. Mandray anjara <b>6,67%</b> ny Fanjakana malagasy.</p> <p>Ity Tetikasa ity dia ikendrena ny hanabeazana voho ny fampandrosoana ara-toe-karena sy sôsialy ny mponina any amin'ny faritra misy ny tetikasa amin'ny fanorenana tetezana vaovao, manana halava 880 metatra sy atilalana mirefy 7 metatra ary koa faritra falehan'ny mpandeha an-tongotra andaniny sy ankilany mirefy 1,35 metatra avy, ka izany dia hanaovana ho fiampitana ny reniranon'i Mangoky eo amin'ny PK 199+700 eny amin'ny RN9.</p> <p>Toy izany ny fepetran'ny fampisamboram-bola:</p> <p><b>Habetsahany</b> : 20.000.000 USD, izay mitovy amin'ny<b>75.233.400.000 MGA</b>  <b>Faharetan'ny femerenam-bola</b> : 30 taona ka ao anatin'io ny 10 taona tsy andoavana  <b>Zanabola</b> : 1% par an</p>

		<p>Ny fomba amerenana ny vola dia vola arotsaka 1.875.000 riyals isan'enim-bolana isaky ny volana marsa sy isaky ny vola septambra. Amin'ny 15 septambra 2030 no atao ny fandrotsaham-bola voalohany fa amin'ny faha-16 septambra 2050 kosa ny farany.</p>
03	<p><b>Lalàna laharana faha-2020-015</b> anomezan-dalana ny fankatoavana ny fifanekena fampisamboram-bola mifandraika amin'ny <b>Tetikasa Fanjarian-tsakafo sy Fahasalamana Ifotony (FAFY)</b> na PARN, nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Fampandrosoana (IDA)- Famatsiam-bola fanampiny.</p> <p><i>Fandaniana azy tao amin'ny fivoriambe: Antenimierampirenena : 30/11/20 Antenimierandoholona : 17/12/20</i></p>	<p>Nahazo tohana ara-bola avy tamin'ny IDA ny Fanjakana Malagasy avy amin'ny alalan'ny famatsiany vola 20.000.000 dôlara amerikana na <a href="#">dimy hetsy sy efatra amin'ny folo sy efajato tapitrisa sy valo amby telopolo lavitrisa ariary (38.414.500.000 ariary)</a>, ka ny antsasak'izany dia fanomezana dfa ny antsasany kosa vola ampisamborina, hamatsiana ara-bola ny Tetikasa PARN na Fanjarian-tsakafo sy Fahasalamana Ifotony (FAFY)</p> <p>Toy izao ny fepetran'ny fampisamboram-bola:</p> <p><b>Habetsahany</b> : 7.400.000 DTS, izany hoe sahabo ho 10.000.000 dôlara amerikana, mitovy amin'ny 38.414.500.000 Ariary</p> <p><b>Faharetan'ny famerenam-bola</b> :</p> <p><b>Tambim-pamoaham-bola</b> :taha isan-taona 0,50%-n'ny vola nosamborina efa navoaka</p> <p><b>Tambim-pisahanan-draharaha</b>: taha isan-taona 0,75%-n'ny vola rehetra efa navoaka sy tsy mbola naverina</p>
04	<p><b>Lalàna laharana faha-2020-016</b> anomezan-dalana ny fankatoavana ny fampisamboram-bola mifandraika amin'ny famatsiana vola ny <b>Fandaharana asa Fanomezana tohana ny ny politikam-pampandrosoana ho enti-miatrika ny valan'aretina COVID-19</b> nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho an'ny Fampandrosoana (IDA)</p> <p><i>Fandaniana azy tao amin'ny fivoriambe: Antenimierampirenena: 30/11/20 Antenimierandoholona : 17/12/20</i></p>	<p>Nisitrika ny fampisamboram-bola <b>54.600.000 DTS</b> avy amin'ny IDA ny Fanjakana malagasy ho famatsiana vola ny Fandaharana asa Fanomezana tohana ny ny politikam-pampandrosoana ho enti-miatrika ny valan'aretina COVID-19.</p> <p>Toy izao ny fepetran'ny fisamboram-bola</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- Habetsahan'ny vola : <b>54.600.000 DTS</b> ,izany hoe sahabo ho 75 000 000 USD, izay mitovy amin'ny <a href="#">dimy hetsy sy sivy sy eninjato tapitrisa sy enina amby valopolo sy roanjato lavitrisa</a> (286 609 500 000) Ariary;</li> <li>- Faharetan'ny famerenam-bola :<b>38 taona</b> ka ao anatin'izany ny 6 taona tsy andoavana</li> <li>- Tambim-pamoaham-bola :taha isan-taona mira <b>0,50%</b>-n'ny vola nosamborina tsy navoaka</li> <li>- Tambim-pisahanan-draharaha : taha isan-taona mira <b>0,75%</b>-n'ny vola rehetra navoaka sy tsy mbola naverina.</li> </ul>

<p><b>05</b></p>	<p><b>Lalàna laharana faha-2020-017</b> anomezandalana ny fankatoavana ny fifanekena fampisamboram-bola mahakasika ny famatsiam-bola ny Fandaharana asa <b>Fanomezana Tohana ny Vahaolana amin'ny COVID-19</b>, nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahiry afrikana momba ny Fampandrosoana tamin'ny 07 aogositra 2020 (amin'ny mahampitantana ny Fanamorana ny Tohana ara-bola ho an'nyagissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la Transition BAD/FAT)</p> <p><i>Fandaniana azy tao amin'ny fivoriambe: Antenimierampirenena : 13/12/20 Antenimierandoholona : 18/12/20</i></p>	<p>Nisitiraka ny fampisambora-bola 30.000.000 UC, izay mitovy amin'ny <a href="#">valo hetsy sy fito amby telopolo sy eninjato tapitrisa sy sivy amby dimampolo amby zato lavitrisa (159.637.800.000) ariary</a> ny Fanjakana malagasy mba hamatsiana ny Fandaharana asa Fanomezana Tohana ny Vahaolana amin'ny <b>COVID-19</b>.</p> <p>Toy izao ny fepetran'ny fampisamboram-bola :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- <b>Habetsahany</b> :30.000.000 UC, izany hoe 42.000.000 USD, mitovya amin'nyvalo hetsy sy fito amby telopolo sy eninjato tapitrisa sy sivy amby dimampolo amby zato lavitrisa Ariary (<b>159 637 800 000 MGA</b>)</li> <li>- <b>Faharetan'ny famerenam-bola</b>: 40 taona ka ao anatin'izany ny 10 taona tsy andoavana</li> <li>- <b>Tambim-pamoaham-bola</b> : taha isan-taona 0,50%-n'ny vola nindramina tsy mbola navoaka</li> <li>- <b>Tambim-pisahanan-draharaha</b>: taha isan-taona 0,75%-n'ny vola rehetra navoaka sy tsy mbola naverina</li> </ul> <p><b>Birao mpanatanteraka</b>:Minisiteran'ny Toe-karena sy ny Fitantanam-bola.</p>
<p><b>06</b></p>	<p><b>Lalàna laharana faha-2020-018</b> anomezandalana ny fankatoavana ny fifanekena fampisamboram-bola mifandraika amin'ny famatsiam-bola fanampiny ho an'ny <b>Lahasa fanohanana ny teti-bola amin'ny fitantanana ny tandindon-doza</b> azo anaovana « tirage différé » (<b>CAT DDO</b>), nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Birao Frantsay misahana ny Fampandrosoana (AFD) sonia tamin'ny 06 aogositra 2020 sy ny soso-panovàna laharana faha-1 tamin'ny 29 septambra 2020.</p> <p><i>Fandaniana azy tao amin'ny fivoriambe: Antenimierampirenena : 13/12/20 Antenimierandoholona : 18/12/20</i></p>	<p>Nisitiraka ny tohana ara-bola 15.000.000 euros izay mitovy amin'ny <a href="#">sivy hetsy sy sivy amby telopolo sy roanjato tapitrisa sy fito amby enimpolo lavitrisa ariary (67 239 900 000 MGA)</a> avy amin'ny Birao Frantsay misahana ny Fampandrosoana (AFD) ny Fanjakana Malagasy ho famatsiam-bola ny Fandaharana asa Fitantanana ny Tandindon-doza (GRC)</p> <p>Toy izao ny fepetran'ny fampisamboram-bola: Les conditions financières sont les suivantes :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- <b>Habetsahany</b> :15 000 000 EUR, sahabo ho 67 239 900 000 MGA</li> <li>- <b>Famerenam-bola</b> : 25 taona ka ao anatin'izany ny 6 taona tsy andoavana</li> <li>- <b>Taha</b> : Euribor 6 volana - « 20 point de base. »Amini'zao fotoana izao = 0%</li> <li>- <b>Tamby</b> : 0.5%</li> </ul>
<p><b>07</b></p>	<p><b>Lalàna laharana faha-2020-019</b> anomezandalana ny Fifanekena fampisamboram-bola mifandraika amin'ny Tetikasa Fampandrosoana</p>	<p>Ireo avy ireo hita ao amin'ny tetikasa: i) Fanampiana tosika amin'ny fahaiza-mitondra sy ny fitantanana ny faritra anaovana fanodinana indostrialy ny vokatry ny tantsaha ; ii) fampiroboroana ireo fotodrafit'asa anampiana tosika ny faritra</p>

	<p>ny Faritra anaovana Asa fanodinana indostrialy ny Vokatry ny Tantsaha ao amin'ny Faritra Atsimo-Andrefana (PTASO), nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Banky afrikana momba ny Fampanandrosoana (BAD) sy ny Tahiry afrikana momba ny Fampanandrosoana (FAD) (amin'ny 15 oktobra 2020 amin'ny maha-mpitantana ny « Facilité d'Appui à la Transition BAD/FAT » azy ireo.)</p> <p><i>Fandaniana azy tao amin'ny fivoriambe</i>  <i>Antenimierampirenena : 17/11/20</i>  <i>Antenimierandoholona : 18/11/20</i></p>	<p>anaovana fanodinana indostrialy ny vokatry ny tantsaha ; iii) fanamafisana orina ny fahefa-manaon'ireo Mpisehatra eo amin'ny Fifampitohizan'ny famokarana, ary iv) ny Fandrindrana sy ny Fitantanana ny Tetikasa.</p> <p>Toy izao ny fepetran'ny fampisamboram-bola:</p> <p><b>Mpampindram-bola</b> Banky afrikana momba ny Fampanandrosoana (BAD) sy ny Tahiry afrikana momba ny Fampanandrosoana (FAD)</p> <p><b>Habetsahan'ny vola samborina :</b> 20 000 000 UC, sahabo ho 28 000 000 USD, izay mitovy amin'ny <a href="#">efatra alina sy enina hetsy sy valo amby dimampolo sy eninjato tapitrisa sy sivy amby zato lavitrisa (109 658 640 000)</a> ariary</p> <p><b>Faharetan'ny fotoana hamerenam-bola:</b> <b>40 taona</b> ka ao anatin'io ny <b>10 taona</b> tsy andoavana</p> <p><b>Tambim-pamoaham-bola:</b> Taha isan-taona 0,50%-n'ny volanampisamborina mbola tsy navoaka</p> <p><b>Tambin-pisahanan-draharaha :</b> Taha isan-taona 0,75%-n'ny vola rehetra efa navoaka sy tsy mbola naverina</p> <p>Famerenana ny Renitrosa</p> <p>Ao anatin'ny telopolo taona aorian'ny fe-potoana tsy andoavana no amerenana ny vola ka roa isan-jato (2%) ny zanabola manomboka ny taona faha -11 ka hatramin'ny taona faha-20 ary efatra isan-jato (4%) ny sisa, ka aloa amin'ny fandrotsaham-bola isan'enim-bolana, mitovy sy mifanesy, atao isaky ny daty fandoavam-bola.Ny fandrotsaham-bola voalohany dia amin'ny daty fandoavam-bola manaraka ny fahataperan'ny fe-potoana tsy andoavana.</p> <p>Birao mpanatanteraka: Minisiteran'ny Indostria, ny Varotra ary ny Asatanana (MICA)</p> <p>Voatondro ho amin'ny 31 desambra 2026 ny daty hikatonan'ny Tetikasa..</p>
<b>08</b>	<p>Volavolan-dalàna laharana faha-<b>011/2020</b> momba ny <b>lalàna fandravonana ny tetibolam-panjakana amin'ny taona 2017</b></p>	<p>Nahitana fatiantoka 150.955. 137.838,37 ariary ny taom-pitantanana taona 2017 satria 7.301.263.367 344,81 ariary no fananiana nahazoana alalana dia 7.150.308.229.506,44 ariary kosa ny vola miditra.</p>

	<p>Fandaniana azy tao amin'ny fivoriambe: Antenimierampirenena :08/12/20</p>	<p>Lasa tarehimarika miiba -1,0% ny fitomboan'ny seha-pamokarana voalohany kanefa ny Lalàna fanitsiana ny fitantanam-bolam-panjakana amin'ny taona 2017 dia naminavina ny 2,8%.</p> <p>Ny seha-pamokarana faharoa kosa dia nahitana fitomboana, novinavinaina hahita fitomboana 5,4% aloha tao amin'ny LFI 2017 fa avy eo kosa dia nahitsy ho 5,7% tao amin'ny LFR ary fitomboana <b>9%</b> kosa no tratra teo am-parany.</p> <p>Marin-toerana kosa ny seha-pamokarana fahatelo satria tena tratra marina ny fitomboana <b>5,7%</b> voatondron'ny LFR.</p> <p>Novinavinaina ho 10.930.205.188.000,00 ariary ny vola miditra tao amin'ny LFI 2017 kanefa nahitsy ho 11.823.029.157.000,00 Ariary izany. Teo am-panatenterahana dia <b>7.150.308.229 506,44 ariary</b> no azo.</p> <p>Teo amin'ny fandaniana dia 10.930.205.188 000,00 Ariary no novinavinaina tao amin'ny LFI 2017 izay nahitsy ho 11.853.900.726.000,00 Ariary. Teo am-parany kosa dia <b>7.301.263.367.344,81 ariary</b> no tena nolaniaina marina.</p> <p>Tontosa eo amin'ny 76,70 % ny fandaharana asa ao amin'ny tetibolam-panjakana taona 2017.</p>
<p><b>09</b></p>	<p><b>Volavolan-dalàna laharana faha-019/2020</b> anomezan-dalana ny fampisamboram-bola mifandraika amin'ny famatsiana vola ny <b>tetikasa famomezana tohana ny fehim-pitantanana ara-kajy mirindra sy ny fanavaozana ny sora-piankohonana sy ny famantarana enti-manavaka PRODIGY</b></p> <p>Fandaniana azy tao amin'ny fivoriambe: Antenimierampirenena : 08/11/20</p> <p><i>Mbola miandry any amin'ny Antenimierandoholona</i></p>	<p>Nisitrika ny fanomezana tohana ara-bola avy amin'ny IDA mitentina 140.000 000 USD , sahabo ho <b>efatra hetsy sy iraiky amby sivifolo tapitrisa sy dimby amby efapolo sy dimanjato lavitrisa</b>(545.091.400.000) Ariary izay <u>vola ampisamborina</u> sy avy amin'ny Famatsiam-bola maneran-tany ho an'ny Vehivavy sy ny Ankizy ary ny Zatovo (Global Financing Facility for Women, Children and Adolescents GFF) kosa izay <u>vola fanomezana telo tapitrisa</u> (3.000.000) dôlara amerikana. Lasa telo amby efapolo amby zato tapitrisa (143.000.000) dôlara amerika noho izany ny vola ahompana ho amin'io tetikasa io araka izao fifanekena izao.</p> <p>Ireo famatsiam-bola ireo dia entina manamboatra ho araka ny toetr'andro ny mombamomba ny olona sy ny famantarana enti-manavaka ny tsirairay sy mamadika ho ara-kajy mirindra ny taoraharaha ho an'ny besinimaro. Toy ny resaka sora-piankohonana sy ny taoraharaha ho an'ny besinimaro hafa.</p>

	<p><b>Habetsahany:</b>140 000 000 USD, izany hoe mitovy amin'ny <b>545 091 400 000 MGA</b></p> <p><b>Faharetan'ny famerenam-bola:</b> 29,5 taona ka ao anatin'izany ny 10 taona tsy andoavana</p> <p><b>Tamby eo am-piandohana :</b>isan-jato 0,25% amin'ny vola samborina, aloa 60 andro farafahatarany ao rian'ny vainandro mampanan-kery ny fifanekena.</p> <p><b>Tambim-pamoaham-bola :</b>isan-jato 0,25% amin'ny vola mbola tsy navoaka aloa isan'enim-bolana 60 andro aorian'ny vainandro nanasoniavana ny fifanekena.</p> <p><b>Zana-bola :</b>kajina amin'ny vola nosamborina, isan-jato libor+1,5%, mihatra mandritra ny fotoana isian'ny tetikasa (ankehitriny libor <b>6 volana = 0,25%</b>)</p>
--	--

#### Tolo-dalàna lany (04)

N°	Lohateny	Famintinana
01	<p><b>Tolo-dalàna laharana faha-004-2020/PL</b> mikasika ny paika arahina amin'ny <b>fanarenana ny taratasy mirakitra fananan-tany sy soridrefitany,</b> atolotry ny Solombavambahoakan'i Madagasikara RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, lany tao Antananarivo V</p> <p>Fandaniana azy tao amin'ny fivoriambe Antenimierampirenena : 05/11/20</p> <p><i>Nalefa any amin'ny Antenimierandoholona</i></p>	<p>Ny taratasy mirakitra fananan-tany, tsy hita na nahabangana, simba na rovitra,dia ilay antsoina amin'ny teny mahazatra hoe « boky rovitra, sarin-tany rovitra » anaovana fanarenana araka ity tolo-dalàna ity dia ny bokin-tany na ny raviny, ny kadasitra na ny raviny ary ny taratasy fandefasana.</p> <p>Ny Mpikajy ny fananan-tany voakasiky ny taratasy mirakitra fananan-tany sy soridrefitany, tsy hita popoka na nahabangana, simba na rovitra, dia afaka manome taratasy fanamarinana manondro ny toetoetry ny taratasy amin'ny alalan'ny fitanisana ireo antony tsy ahafahana mamokatra izany.Ny Fanjakana no mizaka ny ny sara lany amin'ny fikarakarana ny taratasy.Tsy maintsy mandalo fitsarana kosa ny fanarenana ny taratasy mirakitra fananan-tany.</p> <p>Ny fitsarana ady madio no mahefa hitsara ny filana fanarenana sy ny fanatanterahana izany.Mety ho tonga hatrany amin'ny fanamarinana ifotony mihitsy ny mpitsara sy ny vaomiera mpanomana ny antontan-taratasy.</p> <p>Fanenjehan'ny fitsarana no setrin'ny fanambaràna tsy marina mifandraika amin'ny filàna fanarenana ny taratasy mirakitra fananan-tany..</p>
02	<p><b>Tolo-dalàna laharana faha-03-2020/PL</b> ifehezana ny <b>Holafitry ny Mpahay Mpandrefy tany eto Madagasikara,</b> atolotry ny</p>	<p>Ity tolo-dalàna ity no anovàna ny lalàna laharana faha- 2011-005 tamin'ny 01 aogositra 2011 ananganana ny Holafitry ny Mpahay Mpandrefy tany eto Madagasikara eo amin'ny andininy faha-3, 4, 5, 6, 7, 8, 10, 11, 12, 13, 15, 16, 17 et</p>



	<p>Solombavambahoakan'i Madagasikara RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, voafidy tao Antananarivo V</p> <p>Fandaniana azy tao amin'ny fivoriambe Antenimierampirenena : 05/11/20</p> <p><i>Nalefa any amin'ny Antenimierandoholona</i></p>	<p>29 ary ny fepetran'ny andininy faha- 3, 19, 22, 23, 26 ary ny 30 dia nofoanana</p> <p>Araka ity tolotra rijan-teny ity, ankoatra ireo zara raharaha efa an'ny Mpahay mpandrefy tany dia sahanin'izy ireo koa ny fanomezana toro hevitra..</p> <p>Tsy voalaza kosa na mahazo misahana amin'ny anaran'ny tenany manokana ny asan'ny Mpahay mpandrefy tany ny mpiasam-panjakana.</p> <p>Azo soratana koa ao amin'ny Tabilaon'ny Holafitra ny olona manana ny Fanamarinam-pahaizana ny Asan'ny Mpahay Mpandrefy tany nomen'ny Biraom-paritry ny Holafitra.</p> <p>Nihanitombo ireo ao amin'ny Biraom-pirenen'ny Holafitra satria niampy ireo olom-boafidin'ny Fivoriambe.Araka izany dia lasa fito izany ato amin'ny Tolo-dalàna raha efatra amin'ny lalàna ankehitriny.</p> <p>Tsy ho afaka manokatra hafa tsy kabinetra iray ihany eto amin'ny tany sy ny fanjakana ny Mpahay mpandrefy tany fa afaka manao ny asany manerana ny Nosy kosa izy ireo araka ny lalàna ankehitriny.</p> <p>Nampitomboina ny lamandy noho ny fanaovana antsokosoko ny asan'ny Mpahay mpandrefy tany raha ny tolo-dalàna no jerena.</p> <p>Ao amin'ny lalàna ankehitriny dia mandray ny tambin'ny asany ka ny fanasokajiana ny fahazoany izany dia faritan'ny fitsipika anaty. Ato amin'ny tolo-dalàna kosa dia ny mpanjifa ny asany no mandoa izany ka ny habetsahany dia faritana amin'ny <u>didy amam-pitsipika</u>.</p> <p>Ity Tolo-dalàna ity dia manamora ny paika fiatoana na fijanonana tanteraka amin'ny asan'ny Mpahay Mpandrefy tany.</p>
03	<p><b>Tolo-dalàna laharana faha-006-2020/PL</b> mameno sy manova ny fepetra sasantsasany ao amin'ny lalàna lharana faha-2003-008 tamin'ny septambra 2003 et sy ny laharana faha-95-023 tamin'ny 6 septambra 1995 anaovana ny <b>Satan'ny Mpampianatra-Mpikaroka sy ny</b></p>	<p>Ao amin'ity tolo-dalàna ity, ny Mpanampin'ny Fampianarana ambaratonga ambony na ny Fikarohana dia manana ny Master amin'ny Fikarohana sady voasoratra ao amin'ny Taona fahatelo ao amin'ny laha-kevitra ny Doktorà.</p> <p>Ireto avy ireo antanan-tohatra ao amin'ny Mpampianatra ambartonga ambony: - mpampianatra na talen'ny Fikarohana mpiombona antoka</p>

<p><b>Mpikaroka-Mpampianatra ao amin'ny Fampianarana Ambaratonga ambony sy ny Fikarohana siantifika,</b> atolotry ny Solombavambahoaka RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine, voafidy tao Ambositra</p> <p>Fandaniana azy tao amin'ny fivoriambe Antenimierampirenena : 09/12/20</p>	<ul style="list-style-type: none"> <li>- mpampianatra tompon-toerana na talen'ny fikarohana</li> <li>- mpampianatra amin'ny toeram-boninahitra</li> </ul> <p>Azo tendrena ho Mpampianatra na Talen'ny Fikarohana mpikambana ny « Maitre de conférence » raha toa izy ka manana ny Diplaoma faratampony hitarika asam-pikarohana sy « Agrégation » amin'ny Siansa mifandraika amin'ny fitsaboana, lalàna, toe-karena ary ny fitantanana. Izany fanendrena izany dia atao amin'ny didim-pitondrana avoakan'ny minisitery rehefa avy nilàna ny hevitra vovonan'ny mitovy laharana ao amin'ny Toeram-pianarana.</p> <p>Manao fizarana asa taona iray izy ireny hafa tsy ny « Maitres de conférence » na ny « Maitres de Recherche ».</p> <p>Azo tendrena ho Mpampianatra tompon-toerana na Talen'ny Fikarohana na Mpampianatra eo amin'ny Toeram-boninahitra izy ireo raha manana fahelana amin'ny toerana farafahakeliny telo taona sady voasoratra ao amin'ny lisitry ny olona afaka manao mpampianatra na tale mpiombona antoka.</p> <p>Misitrika ny tombontsoa azon'ny mpiasam-panjakana ao amin'ny sokajy manokana ny Mpampianatra na Talen'ny Fikarohana notendrena tamin'ny didim-panjakana.</p> <p>Ny Mpampianatra eo amin'ny toeram-boninahitra kosa dia <u>tsy maintsy</u> efa niantsooka farahafakeliny laha-kevitra Dokotorà vita fanohanana na izay mitovy lanja amin'izany, mpiantoka amin'ny fomba siantifika ireo lahasa ahazoana ny diplaoma faratampony sy namoaka lahatsoratra 15 tao anatinà revio.</p> <p>Ankoatra ireo fahaizana asa, tsy maintsy anaovana fanamarinam-pitondrantena izy ireo. Didim-pitondran'ny minisitery no anendrena azy ireo.</p> <p>Ireo avy no hita ao amin'ny karaman'ny mpampianatra ambaratonga ambony:</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- karama sy vola omena noho ny fikarohana sy ny fanadihadiana akana fitanam-bola ho fisotroandronono</li> <li>- tambin-karama toy ny tambin-pitoerana, tambin-ponenana, tambin-pitaterana, tambin-pankatoavana ary tambin'ny tandindon-doza.</li> </ul> <p>Raiketina amin'ny didy amam-pitsipika ny mari-karama sady apetraka atao ny</p>
--	---

		<p>laharana sy sokajy ary dingana.</p> <p>Misitraka ny fomba fisahanana amin'ny ankapobeny ny volan-jaza ampiharina amin'ny mpiasam-panjakana rehetra izy ireo ary atao mizotra amin'ny mahazatra ny fiovany sokajy.</p> <p>Afaka manohy ny asa fampianarana sy fikarohana ara-tsiansa izy ireo hatramin'ny faha-70 taonany raha to aka ekeny ny hanao izany na avy amin'ny fangatahana <u>rehefa manao fizaham-pahasalamana isan-taona</u>.</p>
04	<p><b>Tolo-dalàna laharana faha-007-2020/PL</b> mikasika ny <b>fizakan-tenan'ny Oniversite sy ireo Orindraharam-panjakana misahana ny Fampianarana Ambaratonga ambony sy ny Fikarohana</b>, atolotry ny Solombavambahoaka RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine, voafidy tao Ambositra</p> <p>Fandaniana azy tao amin'ny fivoriambe Antanimierampirenena : 09/12/20</p>	<p>Ity lalàna ity dia ahafahana mamory ireo mpiorina ao amin'ny Oniversite sy ireo Orindraharam-panjakana misahana ny Fampianarana Ambaratonga ambony sy ny Fikarohana (UEPESR) ho ao anatinà solajinà orindraharam-panjakana iray sy mamoaka ireo fitsipika mampiavaka azymomba fizakan-tenan'ny Oniversite araka izay voalazan'ny andininy faha-5 ao amin'ny lalàna mamaritra ireo foto-kevitra ifehezana ireo orindraharam-panjakana.</p> <p>Ny UEPESR dia ahitana ny Oniversite, ny Ivotoerana ambony momba ny haitao (IST), ny Foibem-panjakana misahana ny Fikarohana, ny Foibem-panjakana misahana ny Fampianarana ampitain-davitra eto Madagasikara (CNTEMAD).Samy manana ireo iraka mampiavaka azy avy ireo mpiorina tsirairay.</p> <p>Ny UEPESR dia tantanin'ny rantsa-mangaika mpanapa-kevitra, mpanatanteraka sy teknika ka ny isany sy ny iraka ampitondraina azy ireny dia faritana amin'ny didy amam-pitsipika.Tendrena amin'ny didim-panjakana ireo Tomponandraikity ny UEPESR saingy azy esorina amin'ny andraikiny rehefa misy ny hadisoana lehibe vitany, na ny tsy fahafahana mihetsika ara-batana na ara-tsaina.</p> <p>Mahatapa-tena ara-bola ny UEPESR ary ny fandaniana mifandraika amin'ny fampandehanan-draharahan'izy ireo dia efaina amin'ny volam-panjakana.Mana loharanom-bola azy manokana koa anefa izy ireo izay avy amin'ny saram-pisoratana, fanomezana sy tolotra ary ny saran'ny famoronana ara-tsaina.</p> <p>Ny Fanjakana dia miantoka ny fahalalahana sy ny fahafahana eny amin'ny Oniversite.Ny oenti-manana omen'ny UEPESR ho an'ny mpampianatra ambaratonga ambony dia atao ampy hisahanana ny fampandehanan-draharahany ary tsy tokony hanohintohina ny fahaleovantenany.</p>

		Ny Filohan'ny Oniversite no misahana ny fitandroana ny filaminan'ny Oniversite saingy amin'ny toe-draharaha manahirana kosa dia avelany hihetsika araka izany ny mpitandro ny filaminana.
--	--	---

### Tolo-pehin-kevitra lany (02)

N°	Lohateny	Famintinana
01	Fehin-kevitra laharana faha-03-2020/R ananganana vaomiera mpanao fanadihadiana iray momba ny <b>fifanekena fampisahanana asa nifanaovan'ny Fanjakana malagasy sy ny soaety Ravinala Airports</b> (atolotry ny Solombavambahoaka RAJOELINA Andriamihamina Seth, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetry ny andro sy ireo mpiara-dia aminy).  Lany tamin'ny 17/12/20	Fehin-kevitra ity no ananganana vaomiera mpanao fanadihadiana anivon'ny parlemanta hanadihady ny momba ny fifanarahana fampisahanana asa nifanaovan'ny Fanjakana malagasy sy ny Ravinala Airports. Izy io no hanao izay fanadihadiana ilaina mba hampazava ny momba izany fifanekena izany.
02	Fehin-kevitra laharana faha-04-2020/R itaomana ny Governemanta hanova ny Didim-panjakana laharana faha-2007-479 tamin'ny 30 mey 2007 anaovana ny <b>laharan'ny fiamboniana mandritra ny lanonam-panjakana</b>  Lany tamin'ny 17/12/20	Toy izao ny sasantsasany amin'ireo fanovàna irin'ny Solombavambahoaka hatao  Nomena tombon-dahiny ireo olom-boafidy raha mitaha amin'ny olom-boattendry. Ny Filohan'ny Antenimierampirenena no atao mialoha ny Filohan'ny Antenimierandoholona. Fa ao amin'ny Didim-panjakana laharana faha-2007-479 kosa dia ny Filohan'ny Antenimierandoholona no laharana fahatelo art fahefatra ny Filohan'ny Antenimierampirenena.  Araka izany, amin'ny tany sy ny fanjakana, rehefa manatrika lanonam-panjakana ireo mpitondra ambony sy ny manampahefana, dia toy izao ny filaharany eo amin'ny fiamboniana: 1) ny filohan'ny Repoblika, 2) ny Praiminisitra, lehiben'ny Governemanta, 3) ny filohan'ny Antenimierampirenena, 4) ny filohan'ny Antenimierandoholona, 5) ny Filohan'ny Fitsarana avo momba ny Lalàmpanorenana, 6) ireo Solombavambahoaka, 7) ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta ary 8) ireo mpikambana ao amin'ny Fitsarana avo momba ny Lalàmpanorenana

		<p>Eny amin'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, rehefa manatrika lanonam-panjakana ireo mpitondra ambony sy ny manampahefana, dia toy izao ny filaharany eo amin'ny fiamboniana: 1) ireo Solombavambahoaka, 2) ireo Senatara, 3) ny Governora, 4) ny Prefen'ny Faritra, 5) ny Lehiben'ny Distrika ary 6) ny Ben'ny Tanàna.</p>
--	--	--